# Isaky ny vanin-taolana eo amin'ny olombelona dia misy fanomezana avokoa

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (Ş.A.W) manao hoe : "Isaky ny vanin-taolana eo amin'ny olombelona dia misy fanomezana avokoa, isaky ny miposaka ny masoandro ka nanao fahamarinana eo anatrehan'ny olona roa dia fanomezana, ny fanampiana ny olona amin'ny biby fitaingenany ka mampiakatra na mitondra ny enta-mavesatrany dia fanomezana, ny teny mamy dia fanomezana, ary isaky ny famindra iray atao makany amin'ny moske dia fanomezana, ary fanalana zava-maranitra eny an-dàlana dia fanomezana".
[Mari-pototra] [Notantarain'i Bokhari sy Moslim]

Nanazava ny Mpaminany (S.A.W) fa ny mpino silamo tsirairay dia manana adidy isan'andro manao asa soa ho fanomezana an-tsitrapo amin'ny alalan'ny tsirairay amin'ireo vanin-taolany ho fankasitrahana an'I Allah amin'ny fahasalamany, sy ny nanaovany vanin-taolana eo amin'ny taolany mba ahafahany milefitra sy miampatra. Ary io fanomezana io dia mitatra amin'ny asa soa rehetra fa tsy mitsahatra amin'ny fanolorana vola ihany, ka anisan'izany ny: Ny rariny atao sy ny fampihavanana eo amin'ny olona roa mitady dia fanomezana. Ary ny fanampianao ny olona malemy hitaingina ny bibiny na mampiakatra ny entany dia fanomezana izany. Ary ny teny mamy, toy ny fahatsiarovana an'I Allah, ny fitalahoana, ny fiarahabana, sy ny sisa dia fanomezana. Ny dingana rehetra atao mankany amin'ny soalat dia fanomezana. Ary ny fanalana izay manimba na mandratra eny an-dàlana dia fanomezana.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/4568